21 aprily 2010

Fandinihana ny feon'ny fieritreretana sy ny Lalàna

«Fa ny lalàna no ahafantarana marina ny fahotàna »(Romana 3:20) Satria «Fandikàna lalàna no atao hoe fahotàna. **»** (1 Jaona 3 : 5)

Mampiaiky ny olona hoe nanota ny lalàna; tokony hahatsapa hoe mpanota izy, ianjahanjan'ny fahatezeran'ny lanitra, izay vao tonga saina fa mila Mpamonjy. Miezaka mandrakariva manaisotra ao antsaina ny maha zavadoza indrindra ny fahotana i Satàna.Manatanteraka ny asan'ny mpamitaka lehibe ireo izay manitsakitsaka ny lalànan'Andriamanitra, @ izay mantsy dia manala ny fitsipika tokana mamaritra ny fahotàna hany fampieritreretana ny mpandika lalàna!

Mahatratra ireo zava manetsika miafina ao anaty ao ny lalàn'Andriamanitra, ka na dia manameloka aza izy dia heverina fa maivandanja ihany izany kanefa io lalàna io anie no fototry ny toetra izay ahafahana mitsara. Io no ilay fitaratra tokony hojeren'ny mpanota raha handinika marina ny fahasalamàn'ny ara¬panahiny izy. Rehefa hitany fa manameloka azy io fitsipika lehiben'ny fahamarinana io, dia tokony hibebaka malaky izy hitady ny famelankeloka ao @ i Kristy.Marobe ireo izay mitady hanapotika io fitaratra io izay mampiseho ny fahadisoany sy handrava ireo lalàna izay manambara ny tsy fahatanterahan 'ny fiainany sy ny toempanahiny.

Miaina eo @ fotoana feno faharatsiana mioampapana isika. Andevon'ny fanao meloka sy fahazarandratsy ny maro, ary sarotra ny manapaka ny gadrany.Mandrakotra ny tany toy ny safodrano ny faharatsiana. Heloka bevava tsy afaka tononina ambava akory no mitranga isan'andro. Misy anefa ireo olona lazaina fa Mpiandry izay mampianatra fa an'ny jiosy fotsiny ireo lalàna ireo ka efa nofoanana izany ary nosoloina tombotsoa be voninahitra nentin'ny Filazantsara! Tsy misy fifandraisany ve izao firoboroboan'izao faharatsiana sy heloka be vava izao sy ilay fampianaran' ireo mpitory teny sy mpampianatra ireo hoe tsy mihatra intsony ny lalàna?

Manameloka antsika ny lalàn'Andriamanitra, tsy hoe @ izay zavatra ataontsika fotsiny ihany fa na dia izay tsy nataontsika koa aza. Tsy afa manamarintena isika satria tsy manatanteraka ny zavatra asain'ny lalàna atao akory. Tsia, faly ve isika fa tsy nanao ratsy ? Aoka isika hianatra hanao asasoa! Nomen'Andriamanitra fahafahana manao asa soa isika ary raha tsy ampiasaina izany dia hoeverina fa mpanompo ratsy sy kamo isika. Mety tsy voasoratra ao anatin'ny bokin'ny lanitra fa nanao fahotana goavana isika saingy hovoaheloka fa tsy nanatanteraka asa soa madio, ambony, mihaja, ary mampiseho noho izay fa tsy nanararaotra ny talenta nampindraminy antsika!

Nisy talohan'ny namoronana ny olona ny lalàn'Andriamanitra. Mifanaraka tsara @ zavaboahary masina izany ary na ny anjely aza dia voafehiny koa! Tsy niova ny fotopotopitsipiky ny fahamarinana hatramin'ny fianjeràn'(ny taranak'olombelona). Tsy nihena ny vesatry ny lalàna; tsy nohatsaraina ny mombamomba azy (na dia kely akory aza). Tahaka ny nampisy azy hatry ny fiandohàna no mbola hisiany koa mandritra ny mandrakizay ***« efa fantatro ela t@ teny vavolombelonao fa nampitoerinao ho mandrakizay ireny »*** hoy ny mpanao Salamo (Sal. 119 : 152)

Fa @ io lalàna io izay mifehy ny anjely, izay mitaky ny fahadiovan'ny fisainana lalina indrindra sy ny faniriana ary ny fahavononana; lalàna izay ***« mitoetra mafy mandraizay doria »*** (Salamo 111 : 8); no hitsaràna an'izao tontolo izao eo @ ilay andron'Andriamanitra mihantomotra.Mety manao sary antsaina ny mpandika lalàna fa hoe tsy mahalala n'inona na inona ilay Mahefa ny zavatra rehetra, sy tsy mahita Izy; saingy tsy hizaka azy ireo mandrakariva akory Izy. Handray tsy ho ela intsony ny tambin'ny asany izireo; dia ny fahafatesana izany, tambin'ny ota; raha toa ilay firenena nahatoky kosa (satria nitandrina ny didy) dia hampidirina ao @ tanana'ny lanitra, @ ilay varavarambe volamena ary ho satrohina voninahitra fifaliana sy fiainana tsy mety maty eo anatrehan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry.



http://schwintner.chez-alice.fr/